# FANDALINAM-PINOANA SAP/KNPL

## ALAROBIA 29 OKTOBRA 2014

*atolotry* ***REV.DR JEAN A. RAVALITERA***

# FIVAVAKY JONA MPAMINANY ZANAK'I AMITAHY

Anankiray amin'ireo antsoina hoe « Mpaminany kely » i Jona (ny halavan'ny boky mirakitra ny faminaniana no nahatonga ny fanasokajiana, koa navahana ireo Mpaminany izay lehibe kokoa ny boky ka natao hoe « Mpaminany lehibe »: Isaia, Jeremia, Ezekiela, Daniela ; ny mpaminany manomboka amin'i Hosea hatramin'i Malakia kosa no nantsoina hoe « Mpaminany kely »). Mpaminany niasa tao amin'ny Fanjakana Isiraely tao Avaratra izy, ary velona tamin'ny andron'ny mpanjaka Jeroboama II zanak'i Joasy (783-743 tal. JK), fotoana nampamirapiratra vetivety ny voninahitry ny fanjakana Isiraely talohan'ny nandravana azy, fa niverenan'ny fivelaran'ny fanjakana nahatratra nitovitovy tamin'ny sisintany tamin'ny andron'i Davida mpanjaka (*2 Mpanjaka 14, 25*). Mbola niaina foana tao anatin'ny fampivadiham-pivavahana (syncrétisme) ihany, nantsoina hoe « fahotan'i Jeroboama zanak'i Nebata » (Jeroboama I) ny zanak'Israely tamin'izany fotoana izany (nampifangaro ny fivavahana tamin'i Jehovah sy ny fomban'ny fanompoan-tsampy to amin'ny firenena manodidina), ka nahatezitra ny Tompo Andriamanitra. Na dia nanasazy azy ireo matetika aza, dia antra ny Tompo Andriamanitra nanoloana ny fahorian'ny olony, ary satria Andriamanitra mahatoky sy tsy mivadika amin'ny fanekeny Izy, dia namonjy azy ireo ihany. Jona mpaminany no nirahina hilaza ny hafatr'Andriamanitra momba izany famonjena ny Israely nampahoriana izany, novonjen'ny Tompo Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jeroboama II mpanjaka (*2 Mpanjaka 14, 25-27*). Araka ny hevitry ny mpandinika, **ny anarana hoe Jona** dia avy amin'ny teny hebreo hoe *Yônah*, midika hoe *voromahailala.* Jona zanak'i Amitahy (*Jona 1, 1*) dia avy any Gata-Hefera amin'ny fokon'i Zebolona (*Josoa 19, 13 ; 2 Mpanjaka 14, 25*), El-Mesed no anaran'ny tanàna ankehitriny, sahabo ho 4 km ao avaratra atsinanan'i Nazareta.

Misy ireto fanamarihana vitsivitsy ireto hataoko eto am-panombohana :

☞ Tsy dia mba be loatra ny boky fandalinam-pinoana voasoratra momba ny bokin'i Jona. Ireo teôlojiana mpampianatra nalaza tany aloha, nantsoina hoe « **Rain'ny Fiangonana** » kanefa dia nanao fampianarana niainga avy amin'ny fanaovana heviteny io boky io[1]. Fa voarakitra ihany koa ao amin'ilay boky nivoaka tamin'ny faramparan'iny taonjato faha-20 iny, nanangona ireo hoe « *Teny nambaran'i Lotera teo am-pisakafoanana* » (*Propos de table de Luther*) [2], fa nanao fanamarihana momba an'i Jona i **Lotera**, ka hoy izy hoe : « Tamin'ny nitoerany tao an-kibon'ny hazandrano nitelina azy, Jona dia famantarana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty » (« ein Zeichender Auferstehung der Toten = un symbole pour la résurrection de morts). Ambaran'i Lotera ihany etsy andanin'izany hoe « olo-masina be fisalasalana sy mampisalasala (« un saint douteux ») i Jona, fa na dia efa novonjena avy tamin'ny loza mahafaty (danger mortel) aza ny tenany, mbola nikiry sy nitady foana izy ny handravan'Andriamanitra ny tananan'i Ninive » (*tsy mba maneho fitiavana sy famindrampo tahaka ny efa namindran'Andriamanitra fo taminy izy*). Fa nampiasain'i Lotera ihany kosa ny ny loza mahafaty nolalovan'i Jona, nadikany hanakaran-kevitra (interprétation), mba hanaovany fampianarana momba ny famonjen'Andriamanitra manavaka ny fahasamihafan'ny asan'ny Lalàna sy ny Filazantsara (Loi et Évangile). Fa hoy Lotera, hoe: « Eto, ilay hazandrano, dia fahafatesana sy fiainan-tsi- hita

[1] Singanina amin'izany **Grégoire de Naziance, Origène, Saint Augustin, Saint Ambroise, Grégoire le Grand.**

[2] SAUZIN Louis, CHENU Pierre (éditeurs), *Les Propos de table de Luther*, Paris, Aubier, 1992

nipoitra sy nitelina an'i Jona. Toy izao ny fizotry ny zava-mitranga (séquences) : voalohany ny lalàna, aorian'izay dia fahotana, ary farany dia fahafatesana… Fa tonga kosa manaraka izay ny Tenin'Andriamanitra velona, ny Filazantsaran'ny fahasoavana, miteny mivantana mibaiko hatramin'ilay hazandrano mifehy ny fahafatesana, fa tsy avelany hahakasika ny olona. Izany no miseho rehefa mitoetra ny finoana, ka afahana amin'ny fahotana sy ny fahafatesana ny olona fa hiaina kosa amin'ny fahasoavana sy ny fahamarinana miaraka amin'i Kristy ». Araka ny hevitry Lotera àry, dia tsy tokony horaisina ho toy ny tantara fotsiny ny voasoratra momba an'i Jona, fa ilay voalaza tetsy aloha hoe famantarana (symbole) maneho ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty.

Vao tamin'ny volana Mey 2014 lasa teo, dia nisy boky navoakan'ny FLM/LWF (Fiombonan'ny Fiangonana Loterana Eran-tany), nanangona asa soratra nataon'ny teolojiana 20 mianadahy eran-tany, nomena lohateny hoe *Mikalo ny Hiran'ny Tompo any amin'ny teny vahiny : Salamo omen-kevitra araka ny fijerin'ny Loterana amin'ny andro ankehitriny*[3]. Anankiray amin'ireo nanangona ny lahatsoratra, Prof. Dr K-W NIEBHUR, dia nanao lahatsoratra nomeny lohateny, hoe « Salamo ivelan'ny Salamo voaangona ao amin'ny Baiboly – Ohatra avy amin'i Jona »[4] Nomarihin'io mpanoratra io fa isan'ny voambara ao amin'ny Fanekena Vaovao Jona, ary efa nisy bokin'i Jona nivelatra lavalava kokoa (nisy famelabelarana hafa nihoatra noho izay hita ao amin'ny boky ankehitriny ato amin'ny baibolintsika), ary isan'ny lahatsoratra jiosy tranainy voatahiry, nangonin'i Philon d'Alexandrie (amin'ny teny armeniana) ny Toriteny tao amin'ny synagoga momba an'io bokin'i Jona io.

☞ Ao amin'ny bokin'i Makabeo, [tsy ao anatin'ny Baibolintsika fa isan'ireo natao hoe « apokryfa » (nafenina) na « deotero-kanônika », satria nampidirina tao amin'ny Dikanteny grika momba ny Testamenta Taloha (*Septante* na *Septoaginta* araka ny dikany malagasy ho an'ny mpandalina)], raha mitantara ny namonjena ireo jiosy tamin'ny fanenjehana azy ireo tany Egypta tamin'ny taonjato faha-3 talohan'i JK, dia tanisaina ao anatin'ny vavaka nataon'i Eleazara Mpisoronabe ho isan'ny endrika mampiseho ny famonjen'Andriamanitra ny olony ao amin'ny sarotra i Jona. Voatanisa amin'izany i Abrahama saika nanolotra ny zanany ho fanatitra alatsa-dra, ny famonjena ny Zanak'Israely avy amin'ny fahandevozana tany Egypta, ny nitana ny Ranomasina mena, ny nanavotana an'i Jerosalema nataon'i Sankeriba mpanjakan'i Asyria fahirano tamin'ny andron'i Hezekia mpanjaka, ny namonjena an'i Sadraka sy Mesaka ary Abednego avy ao anaty lafaoro mirehitra afo, ny namonjena an'i Daniela natsipy tao an-davaky ny liona, ary Jona natelina tao an-kibon'ny hazandrano tany anaty ranomasina lalina kanefa novonjena sy mbola velona afaka nifanerasera indray tamin'ny havany. Noraisina ho ohatra momba ny fahafahan'Andriamanitra manafaka avy amin'ny fahafatesana i Jona.

☞ Misy heviny hafa, mihoatra ny efa fantatra mahazatra milaza ny momba ny fahafatesan'ny Tompo ka nitoerany tao am-pasana nialoha ny nitsanganany ho velona tamin'ny andro fahatelo (*Matio 12, 40*), ny filazan'ny Tompo ny « famantarana momba an'i Jona », raha namaly ireo Fariseo sy Mpanora-dalàna nitaky famantarana avy Aminy. Lazain'ny Tompo fa « **famantarana tamin'ny Ninivita i Jona** » *Lioka 11, 29-30*. Hoy Karl-Wilhem NIEBHUR vao nolazaina etsy ambony, hoe : « Noho izany, ao an'i Matio tahaka ny ao amin'i Lioka koa, i Jona dia miseho miavaka tsara ho mpaminany eskatolojika (momba ny any am-parany) manambara ny Fitsarana any am-parany » (En Matthieu comme en Luc, Jonah apparaît principalement comme prophète eschatologique du Jugement dernier).

---

[3] MTATA Kenneth, NIEBHUR Karl-Wilhem, MIRIAM Rose (Editors), *Singing the Songs of the Lord in Foreign Languages : Psalms in contemporary Lutheran interpretation*, Leipzig, LWF, Evangelische Verlagsanstalt, 2014

[4] « Psalms outside the Biblical Psalms Collection- The example of Jonah », *Singing the Songs…*, op. cit., tak. 121-137

Isan'ny nanoratra momba ny bokin'i Jona ny teôlojiana vehivavy roa, Isabelle PRUNIER, nanangona fandalinana tranainy[5] sy Ruth REICHELBERG[6]

Fa isan'ny voarakitra ao anatin'ny bokin'i Jona io koa **<u>FOTO-KEVITRA TEOLOJIKA LEHIBE IORENAN'NY FINOAN'NY JIOSY ARY NOLOVANTSIKA KRISTIANA KOA MANDRAKA ANKEHITRINY</u>**.

→ Azo tanisaina amin'izany **ny finoan'ny Zanak'Isiraely ny toetry ny TOMPO Andriamanitra (nature de Dieu) sady nolovantsika Kristiana** tononintsika ao amin'ny <u>Fanekem-pinoana Apostolika</u> : « Jehovah, Andriamanitry ny lanitra no ivavahako, dia Izay nanao ny ranomasina sy ny tany maina »↔ « Mino an'Andriamanitra Ray Tsitoha aho, Izay Mpanao ny lanitra sy ny tany » ;

→ Andriamanitra **tsy azo andosirana fa manerana izao tontolo izao, mifehy ny hery rehetra ety an-tany** (<u>*Jona 1, 3,15*</u>). Mampahatsiaro ny fitalanjonan'ny mpianatra rehefa nampitony ny ranomasina nisamboaravoara i Jesoa, koa loa-bava ireo, hoe : Iza moa ity, fa ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy »<u>*Marka 4, 41*</u> ;

→ Andriamanitra, **na dia misy aza ny toerana voafaritra manokana hanompoana sy hivavahana ary hiantsoana an'Andriamanitra, izay rehetra mitady an'Andriamanitra dia tsy voasakan'ny toerana voafaritra fa hahita Azy, raha tena mitady Azy amin'ny fony tokoa**(<u>*Jona 1, 5*</u>).

→ **Tsy voatokana ho an'ny firenena iray ihany ny Tompo Andriamanitry ao amin'ny Baiboly, fa na dia ny jentilisa aza dia manaiky sy matahotra Azy** (<u>*Jona 1, 16*</u>), ary **Andriamanitra mahari-po sy mamindra fo Izy ka mamela ny helok'izay rehetra mibebaka marina sy manatona Azy** (<u>*Jona 3, 8-10*</u>). **Ny vavaka dia mety hanova ny fikasan'Andriamanitra, raha toa ka mifanaraka amin'ny sitrapony ny hataka atao Aminy**.

**FIVAVAKY JONA MPAMINANY ZANAK'I AMITAHY** no lohahevitra nomenay izao fanadalinam-pinoana ataontsika izao. **Sady fiaraha-mandinika Soratra masina fandalinana ankapobeny ny bokin'i Jona sy ny hevitra teolojika takarina avy ao amin'ny bokin'i Jona izao**, kanefa koa **ao anatin'ny fandalinantsika momba ny VAVAKA dia misy lesona azo tsoahina avy amin'ny endriky ny vavaka** nataon'i Jona hohalalinitsika.

Misy toerana telo ahitantsika ny fivavaky Jona ato amin'ny bokiny : **<u>JONA 2, 2-10</u>** sy **<u>JONA 4, 2-3</u>** ary **<u>JONA 4, 9-11</u>**.

## ❶ <u>FIVAVAKY JONA TAO AN-KIBON'NY HAZANDRANO NITELINA AZY : *JONA 2, 2-10*</u>

Voalaza eo amin'ny <u>*toko 1*</u> ny nahatonga an'i Jona ho tao an-kibon'ilay hazandrano lehibe. Nirahin'Andriamanitra hanambara tamin'ny mponina tany Ninive (renivohitr'i Asyria) ny handravan'Andriamanitra io tanàna io izy, kanefa nandà ka nitsoaka nandositra mba hiala eo anatrehan'i Jehovah ka niondrana an-tsambo hankany Tarsisy. Nahatonga rivotra mahery nampanonja mafy ny ranomasina kanefa Jehovah ka nila ho vaky ny sambo. Raiki-tahotra ny tao an-tsambo ka sady nanary ny fanaka tao anaty sambo no samy nivavaka tamin'ny andriamaniny avy, fa Jona kosa toa tsy manana eritreritra akory (indifférent) fa nidina nankao anaty sambo ary renoky ny tory. Nampalahelo ny kapitenin-tsambo izany tsy firaharahiany izany, ka nofohaziny izy ary nasainy nivavaka koa toy ny hafa tamin'ny Andriamaniny. Na tsy voalaza aza dia azo antoka fa tsy nivavaka akory i Jona, satria efa fantany rahateo fa avy aminy no nahatonga ny loza. Fomba tranainy ny manao filokana

[5] PRUNIER Isabelle, *Dossier sur le livre de Jonas,* « <u>Le sauvetage de Jonas</u> », Heisterbacher Bibel, Cologne (?) vers 1240 », Staatsbibliothek Preussischer Kulturbesitz Berlin, <u>*Ms. theol. lat. fol. 379, 377*</u>.

[6] REICHELBERG Ruth, <u>*L'aventure prophétique : Jonas, menteur de Vérité*</u>, coll. "Spiritualités vivantes", Paris, 1995.

mba hizahana izay olona tondroina ho tompon'andraikitra, koa niantefa tao amin'i Jona ny vokatry ny filokana. Efa mahavariana sahady eto, fa mety ampiasain'Andriamanitra amin'ny fotoana sasany na dia ny fomba jentilisa aza mba hampahafantarany ny sitrapony. Nampiasain'ireo apostoly koa ny filokana mba hanondroana izay handimby an'i Jodasy (*cf.* Asan'ny apostoly 1, 26), fa na voafidy aza i Matiasy tamin'izany, Andriamanitra kosa efa nifidy sy nanokana an'i Paoly hatrany an-kibon-dreniny (*cf.* Galatiana 1, 15). Rehefa fantatra fa Jona no voatondro tamin'ny filokana ho nahatonga ny loza, raha nadinin'ireo niaraka taminy izy dia niaiky ary nanolo-tena akory aza mba hatsipy any an-dranomasina hahatony ny ranomasina (Jona 1, 10-12). Angamba noheverin'i Jona fa mbola ho afa-miala tsy ho eo anatrehan'i Jehovah ihany izy, kanefa eo amin'ny toko 2, 1 : **« Jehovah nanomana hazandrano lehibe hitelina an'i Jona. Ary Jona dia tao an-kibon'ilay hazandrano hateloan'andro sy hateloan'alina »**. Tsaroana ny voalaza ao amin'ny Hebreo 10, 31, hoe **« Zavatra mahatahotra ny ho azon'ny tanan'Andriamanitra velona »**.

Fa raha mitodika handalina ity fivavaky Jona tao an-kibon'ny hazandrano ity isika, azo sokajiana ho ao anatin'ny antsoina hoe **« SALAMO FANKASITRAHANA »** izy io (*« songs of gratitude »* hoy ny englisy, *« Danklieder »* hoy ny alema, *« todah »* hoy ny Hebreo). Hita misoritra ao anatin'izany **ny fitodihan'ny vavaka amin'ny fiainana sy fahatsiarovana izay nataon'Andriamanitra ka hanehoam-pankasitrahana Azy**, ary **fitodihana amin'ny ho avy ka italahoana ny famindrampon'Andriamanitra hiasa sy hamonjy**. Tena **vavaka atao amin'ny finoana izany, maneho ny fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra** (intimité avec Dieu) ka miafara amin'ny **fanolorantena sy fahavononana hanompo an'Andriamanitra.**

Hita ato anatin'ity vavaka ity koa **ny fitodihana amin'ny Soratra Masina (référence aux Écritures) mampiseho fa mivelona sy miaina araka ny tenin'Andriamanitra ilay mivavaka**.
Raha jerentsika akaiy izany, dia hita mazava tsara ny fifandraisan'ny fivavaky Jona amin'ny tonombavaka efa hita any amin'ny Salamo hafa. Tena fitanisana andalan-tsoratra masina nakana hevitra maro natambatambatra tokoa ity vavaka ity (mosaïque de motifs pris dans des psaumes, textes bibliques) :

➲ And. 2-4 : **« Niantso an'i Jehovah tamin'ny fahoriako aho, ka dia namaly ahy Izy ; Tao anatin'ny fiainan-tsi-hita no nitarainako, dia nihaino ny feoko Ianao. Fa efa natsipinao tao amin'ny lalina aho, dia tao amin'ny ranomasina, ka voasafotry ny riaka aho ; nanarona ahy ny alon-dranonao sy ny onjanao rehetra »**. Mampahatsiaro izay hitantsika ao amin'ny ***Salamo 130, 1-2*** izany : « Tao amin'ny lalina no niantsoako Anao, Jehovah ô, Tompo ô, henoy ny feoko ; Aoka ny sofinao hihaino tsara ny feon'ny fifonako. » Mampahatsiaro ihany koa ny fivavaky Joba, araka ny ***Joba 14, 13*** : « Enga anie hanafina ahy any amin'ny fiainan-tsi-hita Ianao ka hampiery ahy mandra-pahafaky ny fahatezeranao ! Ary hanendry fetr'andro ho ahy, dia hahatsiaro ahy ». Toy izay tsaroan'i Joba tao anaty fahoriana lalina no tsaroan'i Jona ihany koa eo am-pivavahana**.** Ao anaty kibon'ny hazandrano i Jona, tahaka an'i Joba nahatsiaro, hoe : « Raha mbola misy antenaiko, dia ny fiainan-tsi-hita fonenako ihany ; Ao amin'ny maizina no amelarako ny fandriako. » ***Joba 17, 13***. Ny filazan'i Jona eo amin'ny *and. 4* hoe :**« Nanarona ahy ny alon-dranonao sy ny onjanao rehetra »** dia mitovy amin'izay hita ao amin'ny ***Salamo 42, 7b*, hoe : *« Ny onjanao rehetra sy ny alon-dranonao efa nanafotra ahy ».*** Tahaka izay tsaroan'i Davida ihany koa ka nahavaky vava azy nidera an'Andriamanitra, hoe : « Mamiko indrindra Ianao, Jehovah Heriko ô…Miantso an'i Jehovah izay mendrika hoderaina aho, ka dia vonjena amin'ny fahavaloko. Nihodidina tamiko ny famatoram-pahafatesana, ary ny riaky ny faharatsiana nampatahotra ahy. Ny famatoran'ny fiainan-tsi-hita nihodidina tamiko ; nisakana ahy ny fandriky ny fahafatesana » ***Salamo 18, 1,3-5.***

Tsy vavaka ateraky ny famoizam-po ny vavaka eto, na dia misy fitarainana sy fitalahoana mafy aza, fa **Vavaka avy amin'ny fo, fiaikem-pinoana, fahatokisana ny famindrampon'Andriamanitra.** Matoky ny mpino mivavaka fa **tsy hitoetra mandrakariva sy haharitra ao anatin'ny « fahoriana » na ny « fiainan-tsi-hita » na ny « lalina » izay mino sy matoky an'Andriamanitra.** Izany fahatokiana izany dia akon'ny ***Salamo 6, 5***, hoe : « Fa tsy misy fahatsiarovana Anao any amin'ny fahafatesana, any amin'ny fiainan-tsi-hita iza no hidera Anao ? »

➲ *And. 5* : **« Dia hoy izaho : Voaroaka tsy ho eo anatrehanao aho, nefa mbola nanatrika ny tempolinao masina ihany »** Hitantsika mitovy amin'io ny ao amin'ny ***Salamo 31, 22***, hoe : « Fa hoy izaho tamin'ny fahatairako ; voafongotra tsy ho eo imasonao aho ; kanjo nihaino ny feon'ny fifonako ihany Ianao, raha nitaraina taminao aho ». Ny tempoly dia ninoan'ny zanak'Isiraely sy ny jiosy koa tato aoriana fa hany toerana hahafahana manompo an'Andriamanitra sy mivavaka Aminy. Eto kanefa dia lazaina mazava fa **na dia misy aza ny toerana voafaritra manokana hanompoana sy hivavahana ary hiantsoana an'Andriamanitra, izay rehetra mitady an'Andriamanitra dia tsy voasakan'ny toerana voafaritra fa hahita Azy, raha tena mitady Azy amin'ny fony tokoa.** Hoy ny fanambaran'i Jesoa tamin'ilay vehivavy Samaritana, « nivavaka », niresaka taminy, hoe : « Ravehivavy, minoa Ahy, fa avy ny andro ka tsy amin'ity tendrombohitra ity, na any Jerosalema aza, no hivavahanareo amin'ny Ray » ***Jaona 4, 21***. Efa tanteraka mialoha izany raha heverina ny fivavaky ny mpanao salamo sy ny fivavaky Jona eto. Ho antsika ankehitriny dia marina ny voalazan'ilay vehivavy Samaritana, hoe : Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy fahamarinana ; fa ny Ray koa mitady mpivavaka Aminy ho toy izany. Fa Andriamanitra dia Fanahy ; ary izay mivavaka Aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy fahamarinana » ***Jaona 4, 23-24***.

➲ *And. 7* : **« Tafalatsaka tao amin'ny fanambanin'ny tendrombohitra aho ; ny hidin'ny tany nanidy ahy mandrakizay ; nefa nampiakatra ny aiko avy tao an-davaka Ianao, Jehovah Andriamanitro ô. »** Toy ny mamerina ny fivavaky Davida, araka ny ***Salamo 40, 2*** io, hoe : « Dia nampakatra ahy avy tao amin'ny lavaka fandringanana Izy, eny tamin'ny fotaka mandrevo ; ary nampitoetra ny tongotro teo ambony vatolampy Izy ka nampijoro ahy ». Fahatsiarovana ny zava-dehibe nataon'ny Tompo teo amin'ny fiainana izany : fijoroana ho vavolombelona milaza ny famonjena avy amin'Andriamanitra. Hita mandrakariva ao amin'ny vavaka fasana. Mampahatsiaro ny tenin'i Eliho sakaizan'i Joba , ao amin'ny ***Joba 33, 22*** , hoe : « Dia manakaiky ny lavaka ny fanahiny, ary ny ainy manatona ny mpaka aina ».

Ny fivavaky Jona araka tao an-kibon'ny hazandrano nitelina azy ity, amin'ny fampitambarany salamo sy teny avy ao amin'ny Soratra masina tanisaina, dia tonga môdelin'ny vavaka ataon'ny mpino, teo amin'ny Zanak'Israely aloha, ary tamin'ny kristiana maro koa taty aoriana. **Na dia nanohitra sy nandà ny sitrapon'Andriamanitra aza i Jona, ary tsy nahatoky teo amibn'ny andraikitra nampanaovina azy ka nahatonga azy latsaka tao anatin'ny fahoriana lalina teo amin'ny fiainany, dia afaka niverina sy nitodika tamin'Andriamanitra izy ka nila vonjy sy nitalaho hanavotana azy. Fa Andriamanitra Mpamindra fo ny Tompo Andriamanitra, ary Andriamanitra Mpamonjy, fa tsy mba tahaka ny sampy** izay lazain'i Jona eo amin'ny *and. 9*, hoe : «Izay mivavaka amin'ny sampy dia mahafoy Izay Mpamindra fo aminy ». Voalazantsika tetsy aloha fa **na dia misy aza ny toerana voafaritra manokana hanompoana sy hivavahana ary hiantsoana an'Andriamanitra (ny tempoly mbamin'ny trano fivavahana ankehitriny), izay rehetra mitady an'Andriamanitra dia tsy voasakan'ny toerana voafaritra fa hahita Azy, raha tena mitady Azy amin'ny fony tokoa.** Talohan'ny nandoavan'ilay hazandrano azy ho eny amin'ny tany maina.

## ❷ FIVAVAKY JONA ARAKA NY *JONA 4, 2-4*

**« Dia nivavaka tamin'i Jehovah izy ka nanao hoe : Mifona Aminao aho, Jehovah ô, tsy izao ihany va no efa nolazaiko fony aho mbola tany amin'ny taniko ? Fa ny andrao hisy toy izao no nandosirako ho any Tarsisy, satria fantatro fa Ianao dia Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo ary manenina ny amin'ny loza. Koa mifona Aminao aho ankehitriny, Jehovah ô, esory ny aiko ; fa aleoko ho faty toy izay ho velona. Fa hoy Jehovah : Moa mety va izao firehitry ny fahatezeranao izao ?»**

Rehefa nitory ny tenin'Andriamanitra nampilazaina azy i Jona, nilaza momba ny handravana ny tananany, dia nibebaka ireo mponina tao Ninive. Hoy ny *Jona 3, 10* : **« Ary rehefa hitan'Andriamanitra ny nataon'ireo tamin'ny nialany tamin'ny lalan-dratsiny, dia nanenina Izy ny amin'ny loza izay nolazainy hamelezany azy, ka tsy nataony izany. »** Tsy nankasitrahan'i Jona izany fiovan-kevitr'Andriamanitra izany : **« Fa tsy sitrak'i Jona indrindra izany, ka nirehitra ny fahatezerany »** *Jona 4, 1* . Nalahelo izy ary tezitra ka nivavaka tamin'Andriamanitra. Hoy ny fanamarihan'i Ruth REICHELBERG momba izany fahatezeran'i Jona nahatonga azy hivavaka izany, hoe : « Il s'emporte car il a été le prophète et l'instrument du salut pour les païens. Jonas va jusqu'à demander sa mort à Dieu ; il sort de la lignée des prophètes d'Israël par cette simple prière, car s'il est vrai que ces derniers ont été plus d'une fois excédés sous le poids de leur mission, si la tentation de fuir leur est souvent venue à l'esprit, on ne les voit cependant pas invoquer la mort. »[7] Nangataka ny ho faty i Jona, toy ny te hanery an'Andriamanitra handrava ihany indray an'i Ninive. Izay koa angamba no nahatonga an'i LOTERA hilaza hoe : « olo-masina be fisalasalana sy mampisalasala (« un saint douteux ») i Jona, fa na dia efa novonjena avy tamin'ny loza mahafaty (danger mortel) aza ny tenany, mbola nikiry sy nitady foana izy ny handravan'Andriamanitra ny tananan'i Ninive » (*tsy mba maneho fitiavana sy famindrampo tahaka ny efa namindran'Andriamanitra fo taminy izy*).

Fa mahalasa eritreritra antsika ny fahalalana fa **hay mety misy mpino manaiky sy mahafantatra tsara ny toetran'Andriamanitra, efa nanehoan'Andriamanitra asa mahagaga handresena lahatra azy teo aloha, kanefa mety mbola hivavaka hanome tsiny an'Andriamanitra indray ary hangataka an'Andriamanitra ihany hanatanteraka izay tsy mifanaraka amin'ny sitrapony**. Raha lazaina amin'ny fiteny mivantambantana kokoa dia azo ambara hoe « vavaka fikomiana » ity fivavaky Jona eto ity. Tsy mba adi-hevitra handresena lahatra an'Andriamanitra hiova hevitra, toy izao nataon'i Abrahama momba ny handravana an'i Sodoma sy Gomora (cf. *Genesisy 18, 20-*32), fa tena fanoherana ny sitrapon'Andriamanitra. **Fa mifanohitra amin'ny fisainan'i Jona sy ny toetrany ny nataon'Andriamanitra : tsy mba tezitra Izy fa mamaly ihany, na dia « vavaka fikomiana » aza no nataon'i Jona.** Ny valim-bavaka voalohany nomena an'i Jona dia fanontaniana nataon'Andriamanitra taminy : **«Moa mety va izao firehitry ny fahatezeranao izao ? »**.

**Amin'ny vavaka atao Aminy dia fomban'Andriamanitra ny manao izay hampieritreritra ilay mivavaka na mety ny hataka ataony na tsia**. Tsy mamaly avy hatrany ny vavaka Andriamanitra, fa mamela ny olona handini-tena aloha. **Na dia diso fanantenana aza i Jona tamin'izay nataon'Andriamanitra, dia mbola nanatona an'Andriamanitra nivavaka ihany izy, fa tsy namoifo ka nihataka tanteraka tamin'Andriamanitra toa an'i Jodasy taty aoriana.**

---

[7] Op. cit., tak. 21

Fa ao anatin'ny boky tranainy voasoratra, mitondra ny lohateny hoe *Vitae Prophetarum* voasoratra tokony ho tamin'ny taonjato voalohany, nadikan'ny teôlojiana amerikana iray, D.R.A HARE[8], nanovo avy amin'ny bokin'i Jona lavalava kokoa avy amin'ny angona nataon'i PHILON D'ALEXANDRIE[9], dia nisy fitantarana sy fitanisana teny voalaza hoe nambaran'i Jona araka io bokiny lavalava kokoa io, eo amin'ny toko 10, 2-4 : **« Ary nandao ny taniny i Jona ka nonina tao Sora, toerana tsy nisy mponina tany amin'ny jentilisa, fa hoy izy hoe "any aho no hanarina izay nahadiso ahy, fa efa naminany tsy marina nilaza loza ho an'i Ninive tanàna lehibe aho" ».** Araka io fanazavana io, ny heverina ho tena nampalahelo an'i Jona, rehefa avy nandositra izy tsy nandeha naminany araka ny iraka voalohany nandefasana azy, kanefa naverin'Andriamanitra ary nirahiny indray rehefa namindrany fo, nanao ny iraka nampanaovina azy Jona, kinanjo tonga toy ny mpaminany sandoka. Tsy ny tsy fankasitrahany ny fibebahan'ny Ninivita ka namindran'Andriamanitra fo tamin'izy ireo no tena tsy tantin'i Jona, fa izy tonga naminany sandoka, araka ny fampianarana teo amin'ny jiosy, araka ny fampitandremana nambara ao amin'ny bokin'ny Deoteronomia, hoe: **« Raha miteny amin'ny anaran'i Jehovah ny mpaminany, ka tsy efa ny zavatra, na tsy tanteraka, dia teny izay tsy nolazain'i Jehovah izany : tamin'ny fahasahisahiana no nilazan'ny mpaminany izany, koa aza matahotra azy»** *Deoteronomia 18, 22*. Na inona na inona mety ho fahamarinana na tsia momba io fanazavana ny fahatezeran'i Jona io, ny azo antoka dia **tsy misaraka amin'ny fiainan'ny mpitondra hafatra avy amin'Andriamanitra ny fiainam-bavaka, satria resy lahatra izy fa an'Andriamanitra ny teny ampitaina fa tsy azy.**

## ❸ FIVAVAKY JONA ARAKA NY *JONA 4, 9-11*.

Azo lazaina hoe tohin'ny vavaka etsy aloha ihany io vavaka io. Valin'ny fanontaniana nataon'Andriamanitra taorian'ilay « vavaka fikomiana » nataon'i Jona. Nanao fandresen-dahatra an'i Jona avy amin'ny zava-nitranga tsy nampozina Andriamanitra. Niandry ny handravana ny tanàna i Jona, satria noheveriny fa hiova hevitra ihany Andriamanitra. Nataony nahita fifaliana avy amin'ny fahazoana alokaloka teo ambany tanantanamanga izy. Kinanjo nasian'Andriamanitra fositra indray ilay tanantanamanga ka nalazo. Ana noho ny hafanana i Jona ka nangataka indray ny ho faty (*nd.* 8). Fa naverin'Andriamanitra taminy ny fanontaniana teo aloha. Ny valim-bavaka nomen'Andriamanitra eto dia mifono hevi-dehibe tokoa. Hoy ny filazan'i Prunier Isabelle, teôlojiana vehivavy, nalainy avy amin'ny angon-kevitra nosoratan'ireo teôlojiana taloha, hoe : « Yahvé lui rappelle que la miséricorde divine et l'offre du salut ne sont pas réservées aux seuls "fils d'Israël". L'appel de Dieu à la vie s'adresse à tous les êtres : au prophète tombé au fond de l'abîme, comme aux païens de Ninive»[10] Niniavinay tsy nadika mihitsy io fanamarihan'ny teôlojiana io mba tsy hampiova ny hevitra mety tiany ambara. Mbola tohizany ny fanazavany, ka hoy izy hoe : « ... Yahvé, est dans ce récit un Dieu miséricordieux, toujours prêt à pardonner et à offrir le salut à ceux qui se tournent vers lui. Ce salut universel est valable pour l'ensemble des nations : les marins païens se convertissent et reconnaissent la puissance de Dieu et les Ninivites, au message de Jonas, font pénitence et invoquent Yahvé. Dans ces deux

---

[8] HARE D.R.A, « The Lives of the Prophets », in CHARLESWORTH James H. (editor), *The Old Testament Pseudepigrapha*, vol. 2, Garden City/New York, Doubleday, 1985, tak. 379-399

[9] Filôzôfa grika izay jiosy fiaviana (20 tal. JK-45 taor. JK) nanoratra tantara sy fampianarana niezaka nampifandray ny fampianaran'ny baiboly sy ny fisainana grika. Ny fampianarana nataony no noraisin'ireo nantsoina hoe « Néo-Platoniciens ».

[10] PRENIER Isabelle, Op.cit, p. 12

épisodes, la mort pesait sur les païens, mais ils ont été sauvés par leur repentir. Avec le ricin, Yahvé montre à Jonas toute la notion et l'importance du salut universel. »

☛ **FEHINY :**

Fampianarana momba ny vavaka no foto-kevitra narahintsika tato ho ato. Raha milaza ny « famantarana momba an'i Jona » ny Tompo Jesoa Kristy, araka ny *Matio 12, 40-41* sy *Lioka 11, 29-30*, zava-dehibe tokoa ary tianay hosoritana ny tenin'ny Tompo namaly ireo Fariseo nitady famantarana avy Aminy, nanambarany hoe : **« Misy lehibe noho Jona eto »** *Matio 12, 41*. Ny nitoeran'i Jona telo andro tao an-kibon'ny hazandrano dia nraisiny ho môdelin'ny hitoeran'ny Tompo telo andro ao am-pasana. Fa ny fibebahan'ny Ninivita taorian'ny nitorian'i Jona teny taminy, dia tokony ho lesona ho an'ny rehetra koa hahay mibebaka mialoha ny Fitsarana amin'ny andro farany, fa tsy hitoetra ho « taranaka maditra ». Môdelin'ny fasana nitoeran'ny Tompo ny kibon'ilay hazandrano, fa tsy azo raisina kosa ho môdelin'ny toerana hankalazana an'Andriamanitra. Raha raisintsika kristiana ankehitriny ho sarin'ny Paska nialoha ny nahafatesana sy nitsanganan'ny Tompo tamin'ny maty ny fiainan'i Jona (le destin de Jonas est un Pré-Pâques dans notre foi chrétienne en la mort et la résurrection de Jésus), **tsy izany endriky ny Paska izany, na ny tantaran'i Jesoa araka ny fandraisan'ny olona azy (Jésus historique) ampitahaina amin'ny tantaran'i Jona no zava-dehibe, fa ny fiekentsika ny finoana an'i Jesoa maty teo amin'ny hazofijaliana hisolo antsika ary nitsangana tamin'ny maty nahatanteraka ny famonjena antsika.** Tsy hoe tsy mahasoa akory ny fampitahana ny Fanekena Taloha sy izay hafatra avy ao amin'ny Fanekena vaovao, fa **ny fototry ny vavaka ataontsika Kristiana dia tokony hiainga mandrakariva amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy efa maty nefa velona indray ary mitana ny Fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita.** Izay no ambaran'ny foto-pinoana kristiana izy omena Inja lehibe tokoa amintsika protestanta, dia ny ***Viva vox evangelii*** na ***Hafatra (feo) n'ny Filazantsara velona*** izay mamahana ny olona rehetra amin'ny fotoana rehetra sy amin'izay ilainy rehetra. **Mampianatra ny mpitory ny Filazantsara koa fa tsy izay metimety sy mifanaraka amin'ny sainy no zava-dehibe, fa ny fankatoavany ny sitrapon'Andriamanitra tsy azo faritana mialoha afa-tsy ny fahafantarana ny fitiavana, ny fahri-po ary ny famindrampony.**

Ho an'Andriamanitra Irery ihany anie ny voninahitra !

Nosoratana taty Montargis (45), 29 oktôbra 2014

© *Rev. Dr Jean ANDRIAMAROHASINA RAVALITERA*